Vo. Sa. Mi.

Volontariat Salésien Missionnaire

Salohy

Volana Mai 2017

I - Teny mahavelona

VOLANA MAI

Ry tanora malala, efa mamaramparana ny fiofanana isika izao. Inty no andiany fahadimy amin'ny fiofanana alefa ho anareo. Maro ianareo no niara-nanomboka ity fiofanana ity, nisy ireo nazoto namaly ny fanontaniana, ary tsapanay fa vokatry ny fandalinana manokana sy ny fifampizarana nataonareo tamin'ireo mpitantana ara-panahy izany. Fa ao koa ireo izay tsy nahavita nanohy intsony noho ny antony tsy fantatray. Koa tsy mitsahatra ny mankahery anareo hatrany izahay, mba hanohy hatramin'ny farany ny fiofanana izay efa natombokareo. Ny Tenin'Andriamanitra izay aroso aminareo izao dia mandrisika anareo hiroso lalindalina kokoa hatrany.

I. TENY MAHAVELONA

Tenin'Andriamanitra : Lk 1, 39-56

39Niainga Maria tamin'izany andro izany, ka nandeha haingana ho any amin'ny tany be tendrombohitra, ho any an-tanàna anankiray any Jodà, 40ary niditra tao an-tranon'i Zakaria ka niarahaba an'i Elizabeta. 41Nony vao ren'i Elizabeta ny fiarahaban'i Maria azy, dia nientana ny zaza tao an-kibony, ary feno ny Fanahy Masina Elizabeta, 42ka nanandra-peo niantso mafy hoe: Nosoavina noho ny vehivavy rehetra hianao, ary nosoavina ny hateraky ny kibonao. 43Ary avy aiza amiko izao no mba vangian'ny renin'ny Tompoko aho? 44Fa indro raha vao ren'ny sofiko ny feonao niarahaba ahy, dia nientan-kafaliana ny zaza tao an-kiboko. 45Ary sambatra ilay nino fa ho tanteraka izay nampilazain'ny Tompo taminy! 46Ary hoy Maria: Mankalaza ny Tompo ny fanahiko, 47ary faly sy ravo amin'Andriamanitra Mpamonjy ahy ny foko, 48fa notsinjoviny ny fiambanian'ny ankizivaviny. Fa indro, hatramin'izao, dia hataon'ny taranaka rehetra hoe, sambatra aho, 49satria efa nanao zavatra lehibe tamiko ilay Mahefa. Ary masina ny anarany, 50sady amin'izay matahotra azy hatramin'ny taranaka fara mandimby ny famindram-pony.

51Nahefa asa mahery tamin'ny sandriny izy: dia nampihahafiny izay niavonavona tamin'ny fisainan'ny fony; 52naongany hiala tamin'ny fiketrahany ny mpanapaka, fa ny ambany kosa nasandrany; 53ary ny noana novokisany soa, fa ny mpanan-karena kosa, dia nampodiny mitondra tànam-polo.

54Niahy an'Israely mpanompony izy, fa tsy hadinony ny famindram-pony 55tamin'i Abrahama sy ny taranany mandrakizay, araka ny efa voalazany tamin'ny razantsika.

56Nitoetra tokony ho telo volana tao amin'i Elizabeta Maria vao nody tany an-tranony.

FANAZAVANA

- Ry Tanora malala, vao tsy ela akory isika no nandinika ny hafatra nomen'ny Papa Ray Masina ho an'ny tanora mikasika ny tononkiran'i Masina Maria hoe : « Nanao zava-dehibe tamiko ilay mahefa », izay nalaina tamin'ity Evanjely atolotra ho antsika ity. Tamin'izany hafatra izany indrindra ny Papa Ray Masina Fransoa no nilaza fa tsy mila tanora migalabona fotsiny ny Fiangonana (jeune divan) fa tokony haka tahaka an'i Masina Maria izy ireo. Tsy nampihemotra an'i Masina Maria ireo olana mety hitranga tamin'ny nanekeny ho renin'i Jesoa. Tsy nentiny nirehareha na niavonavona ny maha Renin'Andriamanitra azy, fa nentiny nanompo ny hafa.
- I Masina Maria tao anatrehan'ny zava-dehibe nataon'Andriamantra taminy, izany hoe ny nifidianan'Andriamanitra azy ho renin'ny Mpamonjy, dia tsy nipetrapetraka fotsiny fa nandray andraikitra avy hatrany, nitondra an'i Jesoa haingana tany amin'ny fianakaviany sy tamin'ireo manodidina azy, nandeha nanao misionera, nizara ny hafaliany, nialoha làlana an'i Jesoa amin'ny asa iraka izay hataony.
- Ny tononkiran'i Maria dia tononkiran'ny hafaliana, hafalian'ny Fiangonana, hafaliana izay ankalazain'ny olombelona sy Andriamanitra. Tsy lavitra antsika intsony Andriamanitra, fa nanaiky ho tonga olombelona toa antsika, tao an-kibon'i Maria. Amin'ny alalan'ny faneken'i Masina Maria, isika koa dia manaiky handray an'i Jesoa, izay fanomezan'Andriamanitra ho antsika, ary manolo-tena ho azy. Izany no hevitra lalina fonosin'ny Eokaristia, izay manavao antsika sy manosika antsika hanolo-tena ho misionera.
- Ny hafaliana avy amin'ny Tompo dia tsy hafaliana natao ho an'olona tokana, fa hafaliana natao hifampizarana. Araka ny voalazan'i Papa Benoît XVI (Spe Salvi n°48) : « Tsy misy olona miaina ho azy samirery. Tsy misy

manota irery. Tsy misy olona voavonjy irery. Ny fiainan'ny hafa dia misy fiantraikany mandrakariva amin'ny fiainako : amin'ny eritreritro, amin'izay lazaiko, amin'ny izay ataoko….. ». Noho izany indrindra no mahatonga ny hafaliantsika ho hafalian'ny hafa, ary ny fanantenantsika ho fanantenan'ny hafa.

- Hafaliana vokatry ny fandresena tsikelikely avy amin'ny fitiavany. Isika ihany koa dia voaantso toa an'i Masina Maria hampitombo ny fitiavana an'i Kristy ao anatintsika, ary haneho izany amin'ny asa sy ny fiainantsika isan'andro.

FANDALINANA

1. Inona tamin'ireo zava-nitranga teo amin'ny fiainanao no nahatsapanao fa nofenoin'Andriamanitra ny fahasoavany ianao ?
2. Manorata tononkira toy ny an'i Maria, hitantaranao ny zava-dehibe nataon'Andriamanitra taminao, tamin'ny fianakavianao, tamin'ny fiangonanao.
3. Amin'ny maha tanora misionera anao, inona no mba tsara tianao hifampizarana amin'ny hafa, amin'ny fiainanao andavanandro, amin'ny asa iraka (mission) izay mety hotanterahinnao ?
4. Mangataha fahasoavana amin'ny alalan'i Masina Maria ho an'ireo ankizy sy tanora hanirahan'i Jesoa an'ireo VO.SA.MI amin'ity taona ity.

II - Vatsy

Miarahaba antsika rehetra tratry ny fetin'ny Paka e. Ny fandresen'i Kristy anie hitondra hery vao ho antsika, mba handalinantsika ny finoanatsika ary mba hahafahantsika mandresy amin'izay rehetra atao.

Fijoroana ho vavolombelona tanora iray"volontariat" na mpilatsaka an-tsitra-po no hifampizarana amintsika eto. Ny zavatra ambarany no hifantohan'ny fifampizarana amin'ity volana ity.

NIAINAKO AMIN'NY MAHA MISIONERA AHY NY ASAKO REHETRA

Simon-Pierre Escudero, Maintimolalin'ny Lycée Etienne Goutier de Ressins, dia niasa amin'ny maha mpanentana sy mpanabe manokana hoan'ny giropy iray antsoina hoe "le Valdocco". Na dia eo am-pandalinana ny Sôsiôlôjia na fianarana momba ny fiaraha-monina aza izy nanakinan'ireo salezianina lahilahy sy vehivavy andraikitra ihany koa, dia mba hitarika ilay vina antsoina hoe "Défi Citoyenneté 2025" andram-piainana izay midika ho fahatokisana apetraky ny olona aminy izany. Toy izao no resadresaka nifanaovan'ny "Bulletin Don Bosco Aujourd'hui" taminy.

Raha jerena ny lalana nodiavinao dia ahitana zavatra izay mety tsy hifanaraka, satria ianao manana toerana azo antoka…

Simon-Pierre Ecsudero: satria manokana mihitsy ny fifandraisako amin'ny asako, tsy mba voaloton'izay hoe toeranana "carrière" izany: rehefa misy zava-tsoa tonga, dia ekeko izany raha ohatra ka misy dikany ho ahy sy manosika ahy hanao zavatra na iraka (mission) fa tsy hoe hiasa na hitana toerana fotsiny.

Azonao hazavaina aminay ve ny dikan'izany?

S-P E: noheveriko ho toy ny asana misiônera mandrakirava ny asako; ao an-tsaiko mandrakariva ity tenin'ny mpampianatra anakiray ity hoe "ampianaro asa anakiray ny mpianatrao fa ho lasa fônksiônera izy; omeo iraka (mission) ny mpianatrao fa hanomana azy ho misiônera ianao". Tsy misy maharatsy ny maha fônksiônera kanefa haintsika ihany ny dikany. Samy hafa ny fomba fijerin'ny mpampiasa izay mahita anao toy ny mpiasa tsotra izay mamita asa iray voafaritra mazava sy ny mpampiasa izay mahafantatra anao ka manambara aminao zavatra iray tiany hatao ary fantany fa vitanao noho ny fahaizanao.

Zava-dehibe ny hoe "mila anao aho". Tsapanao matetika eny amin'ny mpampiasa izay mahalala ny fahaizanao ve izany?

S-P E: Eny, tamin'ny fotoana maro dia tsapako fa nanan-jara aho noho ireo olona maro izay nahatsapa sy nakafy ny fahaizako. Zava-dehibe ny hoe "mila anao aho", indrindra ho ahy. Io no manosika ahy hirona hanao izato na izaroa iraka na "mission" izaroa. Ny hoe iraka na "mission" dia hoe omena zavatra iray hatao ianao satria fantatra ary antenaina fa manana ny fahaizana rehetra hanao izany ianao. Vina manentana anao hitraka izany. Rehefa nanendry ahy hiasa ao amin'ny Valdocco i Jean-Mari Petitclerc na rehefa nanendry ahy ho mpitarika ny "Défi Citoyenneté 2025 i Vincent Grodziski dia tsapako mandrakariva tao anatiko ny fahatokisana; io dia milaza hoe "mila,anao aho".

Midika izany fa tianao mandrakariva izany ny zavatra manome dikany ny fiainanao na dia ratsy karama noho ny hafa aza izany?

S-P E: mazava ho azy, ilay voalohany mantsy dia mampivelatra ahy kokoa ary rehefa mivelatra na misokatra ny olona iray dia manao zavatra tsara izy izay. Ny marina dia izany no fahitako azy. Manaraka izany dia eo koa ilay fanehoana ny maha izy azy ny tena (estime de soi). Ny fanekena iraka iray dia fandraisana anjara amin'ny zavatra iray izay lehibe noho ny tena, izay ilana anao. Mandehana hatramin'ny farany amin'izany iraka izany. Zavatra tsara ho an'ny fivelaran'ny maha izy azy ny tena izany. Ka tokony homen-danja.

"NY ZAVATRA TADIAVIN'NY TANORA ALOHAN'NY ZAVATRA REHETRA DIA IZAY MAMPISY DIKANY NY ATAONY"

Ahoana no hahitana dikany amin'ny zavatra atao raha ohatra ka tsy maitsy mitady asa mba hahafahana mianatra na raha ohatra ka tsy manan-tsafidy intsony?

S-P E: Fantatro tokoa fatsy mora izany. Izaho koa nisy fotoana tsy maintsy mba nanao zavatra mba handoavako ny trano fonenako sy ny fianarako. Niasa tamin'ny mpanamboatra trano aho, ary tsy mora ny fihohazana amin'ny alina mba hiasa amin'ny maizina, ao anatin'ny vovoka sy ao anaty "canal" kely izay milatsy hahatafidirana akory. Soa ihany anefa fa nisy ny tanjona tao anatin'izany dia ny mba hahafahako manohy sy mamita ny fianarako.. nanampy ahy hiditra amin'ny tontolon'ny asa izany, hifampizara ihany koa ny andavanandron'ny olona izay mifoha amin'ny telo maraina isanandro. Mampisaina eo amin'nyfiainana koa izany ary manosika mba hampisy dikany sy hanome lanja azy.

Nieritreritra matetika an'i Don Bosco aho tamin'ireo fotoana ireo; izy izay nanao zavatra maro koa tamin'ny fahatanorany mba ho entiny manohy ny fianarany. Fa nanampy azy koa izany mba hanofanany ny tanorany tao Valdocco tamin'ny alalan'ny asan-tanana maro, ary anisan'izany ny fanamboarana kiraro…tsy de hoe azo antoka loatra ho an'ny ho aviko ny asa kely nataoko, kanefa ny zava-dehibe dia miara-miaina ao anaty gropy aho, mifampizara amin'izy ireo, ary manao asa fanompoana ho azy ireo. Zava-dehibe koa ity hoe fanompoana ity.

Kanefa mba misy elanelany koa amin'izany idealy izany sy eo amin'ny idealin'ny olona,izay tsy mitsahatra ny mijery ny CDI toy ny fahatomombanan'ny asa mahamaty hanina…

S-P E: Tena misy elanelany be tokoa, tena marina izany. Ny ankamaroany amin'ny raiamandreny dia mbola manome lanja ny fahazoana toerana (arrière) eoamin'ny asa, ny fifanekena na "contrat"maharitra ary ny karama…samy hafa anefa ny tontolo iainantsika raha miohatra amin'ny tamin'ny fahatanoran'izy ireo, satria izay tadiavin'ny tanora voalohany amin'izao fotoana izao dia ***ny fanomezana heviny na dikany izay ataony***. Hita, amin'ireo famonoan-tena hita any amin'ireny toerana filanonanan'ny tanora ireny, fany ny lôjika izay nanana ny lanjany omaly dia tsy misy asany/heviny intsony ankehitriny.

Ilain'ny tanora ny mahafantatra ny hoe nahoana izy no mianatra, ilainy ny fanomezana lanja azy ireo, tokony hatokisana ny fahaiza-manaon'izy ireo ary tokony homena fahatokisana ihany koa. Tsapa ny fahatongavan-tsain'ireo mpampiasa (patron) raha miohatra ny fampiasana ara-tsaina ireo fahaiza-manao. Ity fahatokisana ity, arakany hevitro, dia miseho amin'ny alalan'ny fahafantarana ny olona.

Rémi Favresse

10 septambre 2015

FIFAMPIZARANA

1- Araka ny nambaran'i Simon-Pierre Escudero, aiza no anehoana ny maha iraka ?

2- « Mila anao aho »,izany dia midika hoe misy ilàna anao, misy dikany ianao eo anatrehan'ny hafa. Inona no ao an-tsainao raha misy miteny aminao izany, inona no ataonao ?
3- Mila asiana dikany ny fiainana sy izay atao. Inona no maha zava-dehibe an'izany?
4- Manoloana ny asa na ny fianarana dia tokony ho ny lafy tsarany hatrany no jerena. Inona no nataon'I Simon-Pierre manoloana an'izany?
5- Inona no tsara, araka nyhevitrao, fônksiônera sa misiônera ? Nahoana ?

III-Ao amin'ny sekolin'i Don Bosco

Miezaka hatrany isika hampirindra sy hampifandray ny fomba fanabeazana malagasy sy ny fomba fanabeazan'i Don Bosco. Ny anton'izany moa dia ny mba hahafahantsika mampita araka ny tokony ho izy ilay harem-pahasoavana sarobidy avy amin'i Don Bosco ho an'ireo ankizy sy tanora malagasy. Mitohy hatrany àry ny fandalinana ataontsika mikasika ireo fomba fanabeazana roa ireo. Manampy antsika rahateo koa moa izany mba handalina ihany koa ireo hasina sy soatoavina sarobidy ananantsika malagasy. Hatolotra antsika tsikelikely amin'ny fomba mirindra moa izany fandalinana izany.

NY FANABEAZANA NENTIM-PAHARAZANA MALAGASY SY NY FOMBA FANABEAZAN'I DON BOSCO

NY FISIANA EO ANIVON'NY TANORA BEAZINA NA NY "ASSISTANCE SALESIENNE"

Hoy I Don Bosco hoe : "*Raharahan'ny fo ny fanabeazana"*

Tsy misy fanabeazana tafita raha tsy miainga avy amin'ny fitiavana sy ny fahamendrehan'ny mpanabe ary tsapan'ny ankizy sy ny tanora izany eo amin'ny fiainany. *Ny tanora tsy hoe tiana fotsiny fa tsy maintsy mahalala fa tiana izy ireo*. Izay ilay hamamiam-pitiavana. Izay mahatsapa fa tiana dia ho tia koa amin'ny manaraka. Ka zava-dehibe ny fitiavana asehon'ny mpanabe indrindra moa ny Ray aman-dReny eo amin'ny fianakaviany, eo amin'ny zanany.

Ahoana ary no ahatsapan'ny tanora fa tiana izy:

- tia ny zavatra tiany sy ny mahafaly azy
- mandray anjara amin'ny zavatra tian'izy ireo toy ny kilalao, sns…
- manasongadina ny lafitsara misy ao aminy
- mahafoy fotoana miaraka aminy
- manitsy am-pitiavana sy amin-kalemem-panahy raha diso izy ary tsy atao imason'ny namany.
- manatanteraka amim-pitiavana sy maimaim-poana ny asa fanabeazana atao ho azy ireo

Rahefa tsapan'ny tanora izany fitiavana asehontsika izany dia misy ny fitokisana ary teraka ny fifankazahoana am-po ka ahafahantsika mifankahazo amin'ny tanora ka afaka manabe.

Izany rehetra izany no mandrafitra ny atao « assistance salésienne » izay azo adika hoe : « arom-panabeazana, fanampiana, fanatrehana, fijerena ny tanora sy ankizy na koa hoe fiarahana sy fitantanana azy ireo. Miendrika fanentanana sy fanetsiketsehana ary fandraisana anjara mavitrika hatrany izy.

Ny mifanohitra aminy dia ny fiatrehana malemy dia ny fijerena avy lavitra ny ankizy sy ny tanora ka tsy misy fifandraisana amin'izy ireo mihitsy. Tsy manatsara sy manentana ity fiatrehana malemy ity fa mandamina fotsiny ihany.

Araka izany ny *fisiana eo anivon'ny tanora* tena izy na ny « assistance salésienne » dia làlana iray mampitombo ny fifandraisana. Tsy hoe miaraka amin'ny tanora ara-batana fotsiny fa fiarahana miendrika fifampizarana sy fanentanana. Izany fiarahana miaraka eo anivon'ny tanora izany dia tsy miendrika fibaikoana na fandidiana fa toy ny namana, zoky, ka ny tanora miaina ampatoniana sy ampahalalahana tanteraka.

Vokatr'izany: tonga ny tanora milaza ny tsiambaratelony sy ny olana mitranga eo aminy. Lasa misokatra ho azy ny fony: eo no miditra ny fanabeazana.

Ho an'ny mpanabe rehetra dia i *Jesoa no modeliny* satria ny mpanabe dia tokony famantarana sy mpitondra ny fitiavan'Andriamanitra eo amin'ny tanora. Izy no modely amin'ny fomba fifandraisantsika amin'ny tanora.

- Tonga kely miaraka amin'ireo kely izy.

- Manompo fa tsy tompoina,
- Tia ka vonona manolotra ny ainy.

Ny fifandraisana manokana.

- Fifandraisana manokana: i Don Bosco dia nifandray tamin'ny tanora manokana tamin'ny firesahana mivantana tamin'izy ireo. Izy ohatra rahefa eny an-tokontany dia manipy teny kely, mibitsibitsika amin'ny sofina, manoro hevitra sahaza ny tsirairay.... ary *vonona* foana Izy mizara ny sakramentan'ny fibebahana. Izany fifandraisany manokana izany dia tsy nanimba velively ny fifandraisany tamin'ny besiminaro satria tsy nanary ny hafa izy fa nataony toy izany daholo ny rehetra.
- Modely ara-pahamatorana eo amin'ny fitiavana ny mpanabe: Manoloana ny tsy fahamatoran'ny tanora ara-pitiavana dia ny mpanabe no modely voalohany maneho ny fahamatorana ara-pitiavana ary sahy mampianatra ny lalàna moraly toy ny fahadiovam-po, ny maha fahotana mahafaty ny fijangajangana, ny firaisana ara-nofo ivelan'ny mariazy…
- Maharitra amin'ny fanehoam-pitiavana: Manoloana ny tsy fivakian'ny tanora loha: ny mpanabe dia tsy maintsy maneho mandrakariva ny hamamiam-pitiavana ary miezaka ny hahatonga ny tanora ho tompon'andraikitra amin'ny fampandehanany ny fiainany.

FIFAMPIZARANA :

1/ Araka ny fahazoanao ny atao hoe "fisiana eo anivon'ny tanora" na ny "assistance salezianina". Mety ho azo tanterahina amin'ny tontolom-panabeazana malagasy ve izy io (ny assistance salésienne)? Hamarino amin'ny alaln'ny ohatra mazava tsara ny valiteninao.

2/ Amin'izao andron'ny fanatontoloana izao (mondialisation) mbola manakery ve (na hoe mbola ilaina ve) ny "fisiana eo anivon'ny tanora" na ny "assistance salésienne"? Hazavao?

3/ Araka ny hevitrao inona avy ireo vahaolana mahomby iatrehana ny olan'ny fanabeazana ankehitriny?